Ho Tena Akaiky An'Andriamanitra Ianao Raha Atao Batisa (Fizarana 3)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 18, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

INONA NY DIKAN'NY BATISA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Inona no mety holazain'ny olona?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tsy maintsy miezaka mampifaly an'Andriamanitra ny Kristianina, rehefa nanokan-tena ho azy.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 18, fehintsoratra 17-19.)

Vakio ny Mpitoriteny 5:4 sy ny Kolosianina 1:10.
Inona no tian'Andriamanitra hataon'ny Kristianina nanokan-tena?

Vakio ny Ohabolana 3:5, 6 sy ny Isaia 41:10.
Raha tena tia an'Andriamanitra ny Kristianina iray, nahoana izy no matoky fa afaka ny tsy hivadika mihitsy rehefa manokan-tena?

Aroboka tanteraka ao anaty rano ny olona iray atao batisa, dia avy eo avoaka avy ao. Toy ny hoe maty, na tapitra hatreo ny fomba fiainany taloha, ary velona mba hanao ny sitrapon'Andriamanitra amin'izay izy

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Ny batisa no ahafantaran'ny olona fa efa nanokan-tena ho an'Andriamanitra ianao.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 18, fehintsoratra 20-25.)

Vakio ny Romanina 10:10.

Nahoana no tsy maintsy asehon'ny Kristianina amin'ny olona fa nanokan-tena ho an'Andriamanitra izy?

Vakio ny Salamo 25:14.

Inona ny soa ho azonao rehefa manokan-tena sy atao batisa ianao?

Araka ny hevitrao, nahoana i Jehovah no mendrika ny hotompoina amin'ny fo manontolo?
Miresaha antony vitsivitsy.

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Andraikitra be izany hoe atao batisa izany.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Ie, marina aloha izany e! Fa izaho vonona handray an'ilay andraikitra satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy voatery hatao batisa ange ianao vao ho voavonjy e!

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Ie, tsy hoe tonga dia voavonjy akory izay vita batisa rehetra, kanefa amiko dia tena ilaina ny batisa satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania